Tsarovy ny Mpanao anao amin'ny andro fahatanoranao, dieny tsy mbola tonga ny andro mahory, ary tsy mbola mihatra ny taona izay hanaovanao hoe: Tsy sitrako izany;

MPITORITENY 12:1



...fa ny fisainan'ny fon'ny olona dia ratsy hatramin'ny fahazazany.... Genesisy 8:21

Raha mihaino sy manompo Azy izy, dia handany ny androny amin'ny fanambinana, ary ny taonany amin'ny fahafinaretana. Fa raha tsy mankatò kosa izy, dia ho lavon-tsabatra, ary ho faty tsy misy fahalalana. Fa ny mpihatsaravelatsihy am-po dia mihary fahatezerana; Maty amin'ny fahatanorana izy, ary ny ainy ho isan'ny maloto. Joba 36:11-14

Fa Hianao no fanantenako, Jehovah Tompo ô, tokiko hatry ny fony aho mbola tanora. Hianao no nitazana ahy hatrany am-bohoka; Hianao no namoaka ahy avy tao an-kibon-dreniko; Hianao no fiderana ahy mandrakariva. Salamo 71:5-6

Handeha amin'ny herin'i Jehovah Tompo aho; hanonona ny fahamarinanao aho, dia ny Anao irery ihany. Andriamanitra ô, efa nampianatra ahy hatry ny fony aho mbola kely; Ary ankehitriny, rehefa antitra sy fotsy volo aho, Andriamanitra ô, aza mahafoy ahy; mandra-panehoako ny herinao amin'ity taranaka ity sy ny herinao amin'izay ho avy rehetra. Salamo 71:16-18

Inona no hanadiovan'ny zatovo ny lalany? amin'ny fitandremana izany araka ny teninao. Salamo 119:9

Mifalia, ry zatovo, dieny mbola tanora ianao; ary aoka ny fonao hampifalifaly anao amin’ ny andro fahatanoranao, ka mandehana any amin’ izay sitraky ny fonao sy izay jeren’ ny masonao; nefa aoka ho fantatrao fa ho entin’ Andriamanitra hotsaraina ianao amin’ izany rehetra izany Koa esory ao am-ponao ny alahelo, ary esory tsy ho eo amin'ny nofonao ny ratsy; fa zava-poana ny fahazazana sy ny fahatanorana. Mpitoriteny 11:9-10

Tsy fantatrao va? tsy renao va fa Andriamanitra mandrakizay, Jehovah, Mpanao ny faran'ny tany, dia tsy reraka na sasatra? tsy takatry ny saina ny fahalalany. Izy no manome hery ny reraka; ary izay tsy manan-kery no omeny hery. Na dia ny tanora fanahy aza dia ho reraka sy ho sasatra, ary na dia ny zatovo aza dia ho lavo avokoa; Fa izay miandry an'i Jehovah dia mandroso hery kosa; Elatra no hiakarany tahaka ny voromahery; hihazakazaka izy, nefa tsy ho sasatra; ary handeha izy, nefa tsy ho reraka. Isaia 40:28-31

Ary nisy zazakely nentina teo aminy mba hametrahany tanana sy hivavahany; fa ny mpianatra niteny mafy azy. Fa hoy Jesosy: Avelao ny zaza, ary aza rarana tsy hanatona Ahy, fa an'ny toa azy ny fanjakan'ny lanitra. Dia nametraka ny tànany taminy Izy, dia niala teo. Ary, indro, nisy anankiray nanatona Azy ka nanao taminy hoe: Mpampianatra tsara ô, inona no tsara hataoko hahazoako ny fiainana mandrakizay? Ary hoy izy taminy: Nahoana aho no ataonao tsara? tsy misy tsara afa-tsy iray ihany, dia Andriamanitra; fa raha te hiditra amin'ny fiainana ianao, tandremo ny didy. Hoy izy taminy: Inona? Hoy Jesosy: Aza mamono olona, Aza mijangajanga, Aza mangalatra, Aza mety ho vavolombelona mandainga, Manajà ny rainao sy ny reninao, ary: Tiava ny namanao tahaka ny tenanao. Fa hoy ilay zatovo taminy: Izany rehetra izany dia efa notandremako hatry ny fony aho mbola kely; Hoy Jesosy taminy: Raha te ho tanteraka ianao, mandehana, amidio ny fanananao, ka omeo ny malahelo, dia hanana rakitra any an-danitra ianao; ary avia hanaraka Ahy. Fa nony nandre izany teny izany ilay zatovo, dia niala tamin-alahelo izy, fa nanana fananana be. Matio 19:13-22

Anaka, maneke ny ray aman-dreninareo ao amin’ny Tompo, fa marina izany. Manajà ny rainao sy ny reninao; (Izany no didy voalohany misy teny fikasana), mba hahita soa ianao sy ho maro andro ambonin'ny tany. Efesiana 6:1-3

Aoka tsy hisy hanao tsinontsinona anao ny hatanoranao; fa aoka ho tonga fianarana ho an'ny mino ianao amin'ny fiteny, amin'ny fitondran-tena, amin'ny fitiavana, amin'ny finoana, amin'ny fahadiovana. 1 Timoty 4:12

Ary mandosira ny filan'ny tanora fanahy; fa miezaha kosa fahamarinana, finoana, fitiavana, fihavanana amin'izay miantso ny Tompo amin'ny fo madio. 2 Timoty 2:22

Ny fahendrena dia mipaka amin-kery hatrany amin'ny farany ka hatrany amin'ny farany; Tia azy aho, ary efa nitady azy hatry ny fony aho mbola kely; Fahendren’i Solomona 8:1-2

Anaka, angony anatra hatry ny fony ianao mbola kely, Dia hahita fahendrena ianao mandra-pahantitrao. Mpitoriteny 6:18

Atero ny zanakao, dia hampatahotra anao izy; Milalao aminy, dia hampalahelo anao Izy Aza miara-mihomehy aminy, fandrao hiara-malahelo aminy ianao, ary sao dia hihidy vazanao ianao any am-parany. Aza manome fahafahana azy dieny mbola tanora, ary aza mamirifiry amin'ny hadalany. Atondreho ny vozony dieny mbola tanora, ary kapohy ny laniny, dieny mbola zaza, fandrao hihamafy hatoka izy ka tsy hankatò anao, ka hampalahelo ny fonao. Mpitoriteny 30:9-12